# Vidin-tsolika

Ny fomba fanitsiana vokatry ny fiovaovan'ny vidin-tsolika dia nampiharina nanomboka ny volana janoary 2025. Natao izany mba hifehezana ny vidin'ireo vokatra telo (3) amidy eny amin'ny toby fivarotan-tsolika : ny Lasantsy, ny Solika Fandrehitra ary ny Gazoala

## Fivoaran'ny vidin-tsolika










Ao anatin'ny Fomba Fanitsiana Vidy avy hatrany dia miova isam-bolana ny vidin-tsolika arakaraka ny sandany eo amin'ny tsena irasam-pirenena. Singa roa no tena voakasik'izany :


- Fiovan'ny **vidin'ny solika maneran-tany**
- Fiovaovan'ny **tahan'ny fifanakalozana** eo amin'ny Ariary sy ny Dolara amerikana


**Ny fiovaovan'ny vidin-tsolika isam-bolana dia ferana** ho eo anelanelan'ny **-200 Ar/l** ka hatramin'ny **+200 Ar/l** isam-bolana, mba ho fitsinjovana ny mpanjifa.

Ny tanjona fototra amin'ity fitantanana ny vidin-tsolika ity dia:

- **Ho an'ny fitantanam-bolam-panjakana :** hifehezana ny fanampiana aloan'ny fanjakana
- **Ho an'ny toekarena :** hiantohana ny fitoniana ara-toekarena misimisy kokoa amin'ny alalan'ny fanitsiana tsikelikely nefa voafetra ary manalefaka ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny vidin-tsolika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena
- **Mba hisian'ny mangarahara :** mametraka fomba fikajiana ny vidin-tsolika mangarahara sy azo vinaniana kokoa, ka hanamafy orina ny fahatokisan'ny mpisehatra ara-toekarena

## Vidin-tsolika aty amin'ny firenena manodidina ny nosy




Noho io rafitra io dia anisan'ny ambany indrindra eran-tany, ny vidin'ny gazoala eto Madagasikara ny 10/11/2025, mifanitsy amin'ireo firenena mpamokatra solika na ireo firenena mahazo fanampiana.

**Eo anelanelan'ny voalohany sy ny faha 05 ny volana, dia mety hisy fiovana ny vidin'ny solika, na midina na miakatra tsy mihoatra ny -200 Ar/l ka hatramin'ny +200 Ar/l, arakaraka ny fivoaran'ny singa voalaza etsy ambony. Ho an'ny fanitsiana ny vidiny amin'ny volana desambra, vinavinaina hisy ny fiakaran'ny vidin-tsolika fa tsy mihoatra ny 200 Ar/l izany.**

www.omh.mg omh@omh.mg Office Malgache des Hydrocarbures